

**Eliane Naika : vehivavy mira vazaha toa izao ihany rangahy dia tsy menatra mamafy lainga maivana dia maivana. Fa inona loatra e ?!**

Fa dia nataon'Ingahy Ravalomanana inona loatra re ireto vehivavy ireo e ! Ao i Me Hanitra Razafimanantsoa manambara fa novidian'ny Tiko daholo ny tany nanamboarana ny *"Temple du rugby"* sy ny hopitaly vaovao. Tsy eto Antananarivo ihany fa na any amin'ny faritany aza. Fa maninona, rehefa ho tokanana ireo foto-drafitr'asa ireo vao taitra tampoka eo ianao ramatoakely ? Maninona tsy ilay ianao nibodo (sy nahazo aloha e!) ny toerana filoha lefitra ao amin'ny CT no nanambara izany ?

Dia ity indray i Eliane Naika fa dia mavandy avao (mandainga tsotra izao). Ianareo fatra fahanan'ireo vehivavy ireo lainga dia tokony hitaky porofo mazava fa tsy arirarira fahatany toa tsy olombelona manan-tsaina. Marina e ! Vakio tsara ireto manaraka ireto.

**LE PRESIDENT MARC RAVALOMANANA EN POSSESSION DE SON PASSEPORT**

Ces derniers temps, des rumeurs sont véhiculées par certains médias que les avocats du Président Marc Ravalomanana vont réclamer auprès de la Cour Constitutionnelle sud-africaine la restitution de son passeport.

Nous tenons à confirmer que ces allégations ne sont que de fausses informations propagées

pour discréditer le Président Marc Ravalomanana et démotiver ses partisans.

La Cour Constitutionnelle sud-africaine ne lui a jamais retiré ce document de voyage. Le Président Marc Ravalomanana est toujours en possession de son passeport.

**NAIKA Eliane, 23 novembre 2012**



By Stephane de Sakutin | AFP – Thu, Nov 22, 2012

MADAGATE

View Photo

Ousted Madagascan leader Marc Ravalomanana, pictured here in August 2012, who is exiled in South Africa, ...

Ousted Madagascan leader Marc Ravalomanana who is exiled in South Africa will ask the country's highest court to overturn a High Court decision preventing him from returning home, his lawyer said on Thursday.

Ravalomanana's passport was seized in September by South African authorities, forcing him to only leave the country to attend regional meetings.

His lawyer, Brian Currin, said the Constitutional Court was to be asked urgently to overturn a High Court judgement which forced Ravalomanana to surrender his passport, and restricted his return to Madagascar.

The court ordered that he be only allowed to return to Madagascar when he is invited to attend the Southern African Development Community (SADC) meetings.

Io ambony io no porofo fa mavandy avao i Eliane Naika. Asa ho aiza loatra izy amin'izao fomba ratsy izao. Tsy izany no fomba hiarovana an'i Dada haomby fa vao maika handetika azy io.

Izao ny dikany io teny anglisy io :

Tamin'ny volana Septambra 2012 no nalain'ny fanjakana afrikana atsimo ny pasipaoron'i Marc Ravalomanana ka tsy afaka miala ao Afrika Atsimo izy raha tsy hoe hamonjy fivorianam-paritra manodidina (ary fivorana karakain'ny Sdac, mazava ho azy izany). Ho mazava kokoa dia ny fitsarana any no nandidy ny fanjakan'i Jacob Zuma hitazona io pasipaoro io. Ny sisa dia avelao ianareo mandika azy, satria mahay mamorona daholo rehefa hiaro an'i Ravalomanana izay manao fitaovana anareo fotsiny ihany. Eny, na ry Brian Currin aza. Vola io kou !

Tsy hoe tsy mahay miteny anglisy i Ramatoa Naika fa minia mamadika resaka, mandainga, mavandy avao !

Tadidiko tsara ny afatry ny Kolonely Richard Ratsimandrava : « ***Lazao daholo izay tianareo lazaina fa izao : asa mandainga !*** »
. Asa, hiampy ny voninahitra sy ny harenan-dry Eliane Naika sy Me Hanitra Razafimanantsoa ?

**Jeannot Ramambazafy – 24 Novambra 2012**